# Fitantanana sy fampiasana zezi-pahitra azo avy amin'ny dikin'ombivavy be ronono

## Zavadehibe ny Zezim-pahitra satria **sakafo** ho an' ny tany sy ny zavamaniry

### Ampiasaina amin'ny **fanatsarana** ny tany ny zezika



- manatsara ny firafin'tany amin'ny ankapobeny
  (Manamaivana ny tany mafy,ary manambatra ireo tany fasika
- Mampitombo ny **zavamananaina** misy ao aminy
  ( bakteria, holatra, kankana, sns)
- Mandray anjara amin'ny fanamasahana ny tany
  ( mampitombo Ireo singa organika misy ao amin'ny tany )

### Mitondra ihany koa ireo singa ilain'ny zava-maniry ho sakafony

- Ny azota (**N**)
  Mapitombo ny zavamaniry amin'ny Ankapobeny (tahony sy raviny)
- Ny fôsifôro (**P**)
  Mampatanjaka ireo zava-maniry ary mandray anjara amin'ny fivoaran'ny fakany
- Ny potasy (**K**)
  Manatsara ny famelanana sy ny famokarana voany
- Ny sokay (**Ca**), Ny sofra (**S**), Ny manezioma (**Mg**) sy ireo mineraly madinika
  Mandray anjara amin'ny fifanakalozana sakafo ao anatin'ny zavamaniry, ary mandray anjara amin'ny fivoaran'ny zavamaniry sy ny fitombony



### Tombotsoa hafa azo avy amin'ny zezi-pahitra

- Mampihena ny asidra misy eo amin'ny tany
- Mampitombo ny fahafahan'ny rano mitsiaka sy ny fitazomana hamandoan'ny tany
- Manatsara ny fahasalaman'ny faka ary mampitombo ny tanjaky ny zavamaniry amin'ny karazana aretina

Mety hitondra ireo ahidratsy
na mamindra aretina amin'ny zavamaniry anefa ny zezi-pahitra



SOCODEVI cirad SAHA FIFAMANOR

# Ireo singa mamaritra ny kalitaon'ny zezik'omby

| | % Zezika maina |
|---|---|
| Azota (N) | 0,3 hatramin'ny 2,8 |
| Faosifaoro ($P_2O_5$) | 0,2 hatramin'ny 0,8 |
| Potasioma ($K_2O$) | 0,5 hatramin'ny 4,3 |

## Miovaova ny kalitaon'ny zezi-pahitra arakarakin'ny kalitaon' ny:

- **sakafon'**ilay biby manome azy
  - Arakaraky ny hinanan'ny biby no mahabetsaka ny zezika vokariny
- **Fitantanana sy fikarakarana** ny tranon'omby
  - Ny fisian'ny tafo, ny rindrina, ny dalazy, ny lafika, ary ny fanadiovana, sns
- Fomba **Fitahirizana** ny zezika


Karazam-pitahirizana (lavaka, dongona), misy tafo, avadibadika, hamandoana, sns.

- Fitaterana sy **fandevenana** azy eo amin'ny tany

Elanelam-potoana eo amin'ny fitaterana sy ny famafazan-jezika, ny fomba famafazana

## Ny tokony hatao raha te hamokatra zezika tsara





- Atao **dalazy** misy simenitra ny tranon'omby
- Asiana **lafika** (vilona, mololom-bary izay tokony ho solona isan'andro amin'ny fotoanan'ny orana
  ary isan-kerinandro amin'ny main-tany
- Tsy avoaka ny omby



- Tahirizina anaty **lavaka** mitafo ny zezika
- Ampiana zezika azo avy amin'ny kisoa sy akoho
- Raha atao dongona ny fitahirizana azy dia tokony **avadibadika** in-dray mandeha fara-fahakeliny amin'ny main-tany ary **tondrahana** rano raha maina loatra
- Isaky ny roa volana ny fakana azy





- Ampiasana haingana aorian'ny fitanterana azy
- Ny famafazana isaky ny lavaka dia mampihena nyfahaverezan'ny sakafo ilain'ny zava-maniry

Miankina amin'ny hatsaran'ny tany,ny karazan-tany, ny kalitaon'ny zezika, ary ny karazam-boly ny habetsahany zezika ampiasaina

**Farafahakeliny 100 kilao amin'ny zezika tsara kalitao isaky ny ara no ampiasaina**

Nataon'i : Paulo SALGADO, manampahaizana momban'ny sakafom-biby, CIRAD – UMR SELMET

Nanome sary : Alisoa ANDRIAMIARIMALALA, José ANDRIARIMALALA & Paulo SALGADO ; Nanao sary : Michel RANDRIA